A Ny filazantsaran'ny fanambinana. 2 Korintiana 8:2-4.

- Ny “filazantsaran'ny fanambinana” dia milaza hoe: “Manaraha an'Andriamanitra, dia hataony manan-karena amin'ny haren'izao tontolo izao ianao.” Tena samihafa tanteraka amin'izay hitantsika ao amin'ny Korintiana sy ny amin'ilay mpitondran-tena malahelo (Marka 12:41-44) io fihevitra io.
- Afaka mandrotsaka fitahiana ara-materialy ho antsika Andriamanitra, fa tsy hanao izany Izy satria manome ho Azy isika.
- Tian'Andriamanitra ny mpanome am-pifaliana, fa tsy ny mpanome izay miandrandra valiny (2 Korintiana 9:7).

B Ireo dingana telon'ny fitsiririritana (Jakoba 1:15):

- **Hitako (“filàna”). 2 Korintiana 4:18.**
  - Namela ny fitsiririritana hiditra ny vadin'i Potifara rehefa “nanopy ny masony hijery an'i Josefa.” (Genesisy 39:7) izy ka naniry handry taminy. Ny fiarovana voalohany ho antsika dia ny miodina amin'ireny zavatra izay iriantsika ireny.
  - Ao amin'ilay fanoharana ny amin'ny mpamafy dia nanazava Jesosy fa ny voa izay nafafy teny amin'ny tsilo dia voageja “ny fiahiahiana izao fiainana izao sy ny fitaky ny harena.” (Matio 13:22).
  - Miahiahy ny malahelo satria tsy manana ny ampy izy. Miahiahy ny manan-karena satria mila misimisy kokoa izy.
- **Iriko (“torontoronina”). Genesisy 3:6.**
  - Namorona filàna vaovao sy fomba fanomezana fahafaham-po azy ireny ny materialisma.
  - Nahomby izany tany Edena. Ohatra iray koa ny amin'i Ahaba: nahita ny tanimboaloboky ny mpifanolombodirindrina taminy izy ary naniry izany. Koa dia, nanao tantara be izy mandra-pahazoany izany (1 Mpanjaka 21).
  - Ahoana ho hanavahantsika ny zavatra ilaina amin'ny irina, ny tsy maintsy amin'ny aingitraingitra, na ny tena foto-javatra amin'ny haitraitra?
- **Raisiko ho ahy (“tanteraka”). Matio 26:14-15.**
  - Rehefa velona ao am-potsika ny fieremana, dia mitady tsy aki-ato izay fomba ahazoana izay iriantsika isika.
  - Izany no nitranga tamin'i Eva, Ahaba ary Jodasy. Izany koa no tena fototry ny ady misy eo amin'ny firenena sy ny foko, ny faharavan'ny fiananka viana sy ny olona.
  - Zava-dehibe tokoa ny mahafantatra fa namela ny fieremana niditra ao am-pontsika isika. Raha izany mantsy, dia afaka ny hibebaka ny fahotantsika amin'ny fotoanany isika, sady misoroka ny vokatra mahatsiravin'ny fieremana notanterahina, vokatra amin'ny ho avy.

D Mifehy ny fieremana. 2 Petera 1:5-6.

- Ny fianarana Baiboly, ny vavaka ary ny fanompoana Kristiana dia afaka manorina fiarovana mafy amin'ny fironana ao anaty toy ny fieremana. Ny mianina amin'izay ananana sy ny fahalalahan-tanana koa dia fitaovana hiadiana amin'ny fieremana.
- Mamporisika antsika hifehi-tena Petera. Tsy maintsy mampilefitra ny fieritreretana, ny fitiavana ary ny herintsika ho eo amin'ny fifehezan'Andriamanitra isika.
- Asan'Andriamanitra ao anatintsika ny fandresena ny ota. Izany no tsy maintsy handraisantsika fanapahan-kevitra hamela an'Andriamanitra hifehy ny fiainantsika, ary ho soloiny fahafaham-po amin'izay ananantsika ny fieremana.